# Lesona 12: Ny Amin'ireo Mpampianatra Sandoka

## A. Ady anaty amin'ny maha-mpanaradia an'i Jesosy

1. 2 Korintiana 10:3-5 Karazana fifandirana manao ahoana no resahin'i Paoly ao amin'ireo andininy ireo?
2. Ahoana no amaritan'i Paoly an'io ady anaty io ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Kristianina tao Roma? Romana 7:15-25
3. Ahoana ny fandraisanao ny teny fikasana manambara fa azo hampileferina amin'ny fankatoavana an'i Kristy ny eritreritra rehetra?
4. Zarao fotoana iray niatrehanao ady anaty amin'ny maha-mpanaradia an'i Jesosy anao.
5. Inona no fampaherezana hitanao ao amin'ny fijoroana vavolombelona ataon'i Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 10:13?
6. Inona koa no teny fikasana hafa ao amin'ny Soratra Masina izay mampahatsiahy antsika fa tsy irery ny mpanaradia an'i Jesosy rehefa miatrika ady anaty?

## B. Ady ivelany amin'ny maha-mpanaradia an'i Jesosy

1. Inona no ady ivelany natrehin'i Paoly nandritra ny fifandraisany tamin'ny Kristianina tao Korinto?
   a. Fiampangana ny tenany: 2 Korintiana 10:10
   b. Mpampianatra sandoka: 2 Korintiana 11:3-4, 13-15
2. Inona no fihetsika maha-olombelona ataon'ny olona rehefa misy mampanga azy, na ara-batana na amin'ny alalan'ny teny?
3. Inona no navalin'i Jesosy rehefa notafihan'ny fahavalony tamin'ny alalan'ny teny Izy? Marka 15:16-20, 29-32
4. Inona no torohevitra omen'i Jesosy momba ny fiatrehana ireo mpampianatra sandoka? Matio 7:15-20, 24:24-26
5. Zarao ny fotoana izay nanehoan'i Jesosy herim-po sy niteny nivantana tamn'ny fifanatrehana tamin'ny mpampianatra sandoka. Matio 23:27-33, Jaona 2:13-17, sns.
6. Zarao ny fotoana izay nifanehatran'i Jesosy tamin'ny mpampianatra sandoka tamim-pitiavana sy nanomezany azy fahafahana hibebaka.
7. Inona no torohevitra omen'i Paoly momba ny fiatrehana ireo mpampianatra sandoka? 1 Timoty 6:3-5
8. Ahoana no ahafahantsika mahafantatra hoe oviana isika no tokony tsy hiraharaha ireo mpampianatra sandoka, ary oviana isika no tokony hiresaka amim-pahasahiana hanohitra azy ireo?

## D. Mahita ny herintsika ao amin'ny Tompo

1. Na anaty na ivelany ny ady atrehantsika, inona no teny fikasana ao amin'ny Soratra Masina mampahatsiahy antsika fa ao amin'ny Tompo Jesosy Kristy no ahitantsika hery sy ny fandresena? Efesiana 6:10-12, sns.
2. Inona no lesona ianarantsika avy amin'ny fijoroana vavolombelona ataon'i Paoly izay voarakitra ao amin'ny 2 Korintiana 11:24-27?
3. Inona no fihaikana miseho tsy tapaka ho an'i Paoly izay mampahatsiahy azy fa mila mitoky tanteraka ny Tompo izy? 2 Korintiana 12:7-10
4. Inona no fanandramana teo amin'ny dianao amin'ny maha-mpanaradia an'i Jesosy anao, izay mampahatsiahy anao fa mila mikatsaka hery ao amin'ny Tompo isan'andro ianao?
5. Zarao ny fotoana nahitanao hery tao amin'ny Tompo.